# ALAHADY FAHA 28  MANDAVANTAONA – TAONA -B 2024



# METY HISAKANA TSY HO TAFIDITRA ANY AN-DANITRA NY MIFIKITRA AMIN'NY HARENA

Ry Kristianina havana, herinandro izay no nidirantsika amin'ny lafy amin'ny Taompikatrahona ary indrindra ny fanatanterahantsika ny Sinaody faha -7 fijanonana faha-3, 3ème session. Anio ihany koa any Ambatondrazaka no hanamasinana Eveka an'I Mgr Lalaina izay nanentana antsika mikasika ny Sinaody tany Vohemar. Aoka ho ao antsaintsika ny teny faneva manentana antsika dia ny hoe : EGLIZY VELONA, VELOMIN'NY BATEMY KA ZARY TABERNAKLA VELONA. Miara-dalana amin'ny Eglizy Erantany isika ka ny teny faneva dia tena mifanaraka amin'ny sinaodantsika : Fiarahan-dia miroso amin'ny FIOMBONANA (Eglizy velona), amin'ny FANDRAISANA AN-TANANA (velomin'ny Batemy), ka zary IRAKA (Tabernakla). Ny tena mahavariana dia ny fomba fiasa : samy miainga avy amin'ny fototra ary mampiasa ny « mijery, mitsara, mankalaza »…. Fa ny fotoana no samihafa satria ny sinaody eran-tany mandritra ny telo taona fa ny antsika kosa mandritra ny dimy taona satria tiantsika hivahatra bebe kokoa ny finoana mba ho tena Olon-dehibe amin'ny finoana, fanantenana, fitiavana satria isika izao no misionera ary isika izao no génération mpanorina. Ny tanjona dia mba tsy ho finoana entim-pahazarana intsony fa finoana velona manorina Fianakaviam-ben'Andriamanitra mifampitsimbina mifanasoa satria Mpiray tampo.

**Vakiteny I :** Fah 7, 7-11
**Tononkira :** Salamo 89
**Vakiteny II :** Hb 4, 12-13,
**Evanjely :** Mk. 10, 17-30. 46-

Izany indrindra no foto-kevitra asongadin'ny Tenin'Andriamanitra amin'izao Alahady faha-28 mandavantaona izao. Azo lazaina fa tahaka ilay Lehilahy ao amin'ny Evanjely isika manatona an'i Jesoa amin'izao Sinaody. Raha ny filazan'ny Evanjely dia sempotra

nihazakazaka izy. Karaha izany koa isika manontany an'i Jesoa "Inona no atao ahazoana ny fiainana mandrakizay ?" Matoa manao SINAODY isika tsy hoe faly mivorivory fa te-hahita ny lalan-kombana hahitana ny fivelaran'ny mahaolona sy mahaolona manontolo izany hoe mivelona ny maha zanak'Andriamanitra lalana mitondra amin'ny hasambarana marim-pototra voalazan'i Jesoa eto.

Raha fintinina izay voalaza rehetra izay dia ny FANARAHAN-DIA AN'I JESOA SY IZAY FEPETRA MIKASIKA AN'IZANY ARY IZAY METY HO VATO MISAKANA NO FOTO-PAMPIANARANA amin'izao alahady faha-28 izao « mety misakana tsy ho tafiditra any an-danitra ny harena ».

Ireo rehetra ireo no tian'ny vakiteny voalohany ho tsapantsika. Nofidina manokana ny Vakiteny voalohany, Boky Fahendrena, satria misy ifandraisany amin'ny lohahevitry ny Evanjely: fahendrena, harena. I Salomona no resahina ao amin'ny Boky fahendrena. Ny zavatra nangatahiny tamin'Andriamanitra voalohany indrindra dia ny fahendrena, avy eo dia nomena azy ihany koa ny harena. Fanomezana avy amin'ny Tompo io fahendrena io, nangatahiny tamin ny alalan'ny fivavahana ka narotsak'Andriamanitra tao aminy: *Nivavaka aho, ka nomena ahy ny fahiratan-tsaina, ka tonga tamiko ny fanahy fahendrena.* Angatahontsika amin'Andriamanitra hatrany io fanahy fahiratan-tsaina sy fahendrena io; anisan'ny fanomezana fito avy amin'ny Fanahy Masina ireo. Lazaina eto ihany koa fa ambony lavitra noho ny harena ny fahendrena. Nanankarena ilay lehilahy tao amin ny Evanjely, nefa tsy nanaiky notarihin'ny fahendrena marina dia i Jesoa; nangataka ny fahendrena i Salomona dia nahazo ary nomena azy sy ny fanjakany ihany koa avy eo ny harena. Manamafy izany ny tenin'i Jesoa hoe: *Katsaho aloha ny Fanjakan'Andriamanitra dia homena anao mamaim-poana ny sisa hafa rehetra.* Angataho àry ny Fahendrena. Fantatry ny Tenin'Andriamanitra mazava ny fieritreretana amam-pisainan'ny fo. Raha fintinina dia azo lazaina fa tsy misy vidiny ny harena noho ny fahendrena. Tsy iza anefa ny fahendrena ho antsika fa i Jesoa. Izany rehetra no halalinintsika mandritra ny Sinaody. Hikatroka isika hiara-dalana isika , hifampihaino isika, hiara-hijery ny zava-misy eo fiainana ary masom-pinoana no entintsika mitily. Matoky isika fa hotsilovin'ny Fanahy Masina ka hahita ny tena fahendrena marina.
Ny Taratasy ho an'ny kristianina Hebrio dia manasa antsika mba handray sy hihaino ny Tenin'Andriamanitra sy ny fanambaràny: *Velona sy mahery ny Tenin Andriamanitra.* Fa raha toa ka tsy mihaino na tsy mandray azy isika dia mety iharan'ny fahatezerana toy ny nahazo ny vahoaka Israely tany an'efitra. Ny Tenin'Andriamanitra sy ny fanambaràna avy Aminy dia velona sy mahery, maranitra noho ny sabatra roa lela. Hoy ny Mpanoratra manohy ny fampianarany : *Tsy misy zava-boaary miafina eo anatrehanAndriamanitra*, *fa mihanjahanja sy miharihary eo-imasony. Izy hampamoaka antsika ny zavatra rehetra.* Tsy misy miafina amin Andriamanitra tokoa ny momba antsika sy ny ataontsika rehetra, eny fa na dia ny eritrerintsika aza. Tsy azo atao ny manafina sy mandainga amin'Andriamanitra. Sakafo mamelona antsika àry ny Tenin'Andriamanitra ka raisina sy iainana isan'andro isan'andro; na sarotra sy mangidy aza dia tokony atelina foana satria mahatsara antsika sy mitera-boka-tsoa. Tsy mahagaga àry raha ny Tenin'Andriamanitra no référence fototra amin'ny ataontsika rehetra amin'izao  Sinaody izao.
Raha izay ireo vakiteny roa dia handeha isika handinika ny Evanjely na dia efa maro aza izay voalaza izay.

Ataoko fa samy maniry ho sambatra isika. Fa ilay lehilahy ao amin'ny Evanjely dia azo lazaina fa tsy tsara petraka ny fanontaniana ary toa manambara sahady izay fisainany. Efa

manana « harena » izy ka noheveriny fa « fananana » ny hasambarana. Io no tena nahadiso fanantenana azy satria efa maro ny ezaka nataony ka naniry izy mba hamafisin'i Jesoa izany ezaka izany ka nahatonga azy nanontany hoe : "Inona no tsy ampy amiko ?" mba ho feno… Io no fisainantsika… Io no lojikan'izao tontolo izao izay matetika mitondra amin'ny fitiavan-tena sy fanilikilihana, lavitra ny soa iombonana ka tsy afaka hanorina ny fiombonana Fratelli Tutti, Olo Araiky… Io no anisan'ny dinika tsy maintsy ataontsika amin'izao sinaody izao : ny hahatonga antsika ho Eglizy olô, ho EOV MISIONERA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA.

Tsy mety ho takatr'ilay tovolahy izay manana fa ny fahafoizana no lalana mitondra amin'ny fahalavorariana. Ny fahafoizana no mitondra amin'ny hafenoana amin'ny fanarahan-dia an'i Jesoa. Maty mba ho velona. Mahantra mba zary ho mpanana an'i Kristy ilay fahendrena sy harena tokana sarobidy. Ary tian'i Jesoa eo noho eo : « amidio…. » Manamarina ny tenintsika hoe "anio ny ho avy fa tsy rahampitso, niany ny ho avy fa tsy amaray"… Nijery an'ilay lehilahy i Jesoa miandry valiny. Mijery antsika tsiraikiraiky izy amin'izao ary tia antsika tahaka ny nitiavany an'ilay lehilahy… Miandry valiny i Jesoa satria tsy afaka manery ny sitrapontsika. Azo lazaina fa fijery lalina, antso te-hanorina fiainana vaovao sy lavorary. Azo lazaina fa antso mitondra amin'ny fahariana vaovao ka hitondra amin'ny tena hasambarana. Mila mifanojo ny jerin'i Jesoa sy ny jerintsika ka miova ny fiainantsika, miova ho lavorary. Izany ihany koa no andrasantsika amin'izao sinaody izao. MIANDRY VALY AVY AMINTSIKA NY EGLIZY AMIN'IZAO SINAODY IZAO MBA HO GENERATION MPANORINA ISIKA HO EOV MPANORINA ETA…..

Haintsika ny tohin'ny tantara. Tsy nifanojo ny fitiavan'i Jesoa sy izay irin'ilay lehilahy ka lasa ilay lehilahy ary ny mahavariana eto dia tsy voalaza ny alahelon'i Jesoa fa ilay lehilahy no lasa nalahelo satria tsy nifanojo izy ireo. Feno ny fon'ilay tovolahy ary tsy vonona hahafoy ka tsy nahita izay niriny. Enga anie mba tsy izany no zavatra hiseho amin'izao Sinaody izao. Hifanojo amin'i Jesoa isika ka i Jesoa no ho faly voalohany ary miaraka Aminy sy ao Aminy ary amin'ny alalany isika no mankalaza ny fitiavan'Andriamanitra. Hitantsika eto indray ilay fomba fiasa : mijery, mitsara, miasa ary mankalaza….

Sakana ny fifikirana amin'ny harena **:** *Izay misy ny harenareo, hoy i Jesoa,* **no** *misy ny fonareo!*

Sahirana sy gaga loatra ireto mpianatra naheno an'izany ka nifanontany hoe: *Iza àry no mety ho voavonjy?* Ka novalian'i Jesoa hoe: Amin'ny *olombelona dia zava-tsy vitany izany; tsy mba toy izany amin'Andriamanitra*, *satria mahavita ny zavatra rehetra Andriamanitra.* Fanomezan'Andriamanitra tokoa ny famonjena. Tsy ho voavonjy izay miantehitra amin'ny herin'ny tenany, izay tsy manaiky hovonjen'Andriamanitra, izay tsy mahay mifampizara amin'ny hafa.
Ary hoy i Piera tamin'i Jesoa: Indro *izahay efa nahafoy ny zavatra rehetra ka nanaraka Anao.* Dia hoy ny navaliny Azy: *Lazaiko marina aminareo fa tsy misy olona mahafoy trano, na rahalahy, na anabavy, na ray,nareny, na zanaka, na tany noho ny fitiavany Ahy sy ny Evanjely, ka tsy hahazo zato heny ankehitriny aminity fiainana ity, dia trano, rahalahy, anabavy, ray, reny, zanaka, tany na dia ao anatinny fanenjehana aza, ary ny fiainana mandrakizay any amin'ny ho avy.* Ilay mpanankarena dia lasa tamin-kalahelo, tsy nahafoy ny hareny ka tsy nanara-dia an'i Jesoa, ireo mpianatra indray kosa dia nahafoy ny zavatra

rehetra ka nanaraka an'i Jesoa an-kafaliana. Hahazo zato heny dieny ety an-tany sy any an-danitra izy ireo hoy i Jesoa. Mahafoy ny zavatra rehetra noho ny fitiavana Azy sy ny Evanjely, mety hisy ihany koa ny fanenjehana, kanefa nampanantenaina fa hahazo ny Fanjakan'Andriamanitra. Ohatra ho antsika ireo mpianatra ireo, ary mankahery antsika…. ihany koa ny fampanantenana ataon'i Jesoa. Raha misy dingana tsy maintsy atao mba hifanojo amin'i Jesoa dia ny fahaizantsika manokatra ny fo mba tsy ho hisy fo encombré, ho feno fa vonona mahafoy. Io ny lazaintsika hoe « FIOVAM-PENITRA MAHERY VAIKA… ». Mazava tsara fa tsy hamokatra izao sinaody izao raha tsy vonona hahafoy isika : « amidio ny fanananao dia avia manaraka ahy dia dia ho lavorary…. ».
Mino aho fa mbola ao an-tsaintsika, ao am-pontsika ny KEN sy ireny fampianarana natao tamin'ny KEN. Raha fintinina izy ireny dia isika hanana fiainana eokaristika. Io no harena lazain'I Jesoa eto satria fahafoizana, fanompoana ao anatin'ny fahamarinana….
Ry Jesoa Tompo tahaka an'ilay Lehilahy izahay miandrandra fiainana lavorary, fiainana mandrakizay ka miatrika izao Sinaody fijanonana faha-3 izao izay manosika anay hifampitsimbina sy hifanasoa. Tsy tanteraka izany raha tsy eo ny fahafoizana sy fanompoana. Tsy miafina aminao koa fa tahaka an'i Piera sy ireo Apostoly izahay mandinika ny fahasarotana izay miandry anay ka velom-pitarainana : « ahoana no hahavitanay an'izany ? ». Ambaranao aminay fa amin'ny olombelona zava-tsy vitany fa tsy mba toy izany amin'Andriamanitra satria tsy misy tsy vitan'Andriamanitra atao. Indro àry izahay Manolo-tena aminao. Manantena ny Fanahy Masina izahay hanavao anay, hanova ny fonay, ho fo miombona Aminao. Ny Fanahy Masina anie hanilo sy hankahery anay tsiraikiraiky amin'ny vavaka sy ny dinika rehetra ataonay. Mila rady aminao izahay. Masina Maria Reninay matoky ny vavakao izahay zanakao fa indrindra amin'izao fanatanterahanao ny sinaody izao. Enga anie ho Senakla ho anay izao sinaody izao ka zary « départ vaovao », ho Pantekoty vaovao. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy Erantany ankininay aminao ny fianakaviana tsirairaiky, ny « Eglizy kely ». Mivavahà ho an'ny Tompon'andraikitra isan-tsokajiny mba samy hanana fon-dray tahaka anao. Amena

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson